# IRAY MAKA BAHANA, ROA FIOMANANANA, TELO DIA LASA!

Ireto misy zavatra vitsivitsy azonao atao mba hanampiana anao hiomana hiditra ao amin'ny Zatovovavy na Zatovolahy. Afaka mahavita zavatra efatra atao an-kisesy ve ianao?

| | | | |
|---|---|---|---|
| Manaova fanamariham-pejy ho an'ny soratra masinao. | Miresaha amin'olona iray izay mety miahiahy amin'ny fandaozana ny Kilonga. | Ahantony ao an-tranonao ny soratra masina iray izay tianao. | Zarao amin'ny olona iray ny fijoroana ho vavolombelona anananao. |
| Mangataha tahadika irain'ny *Ho zatovo mahery!: Torolalana amin'ny fanaovana safidy* amin'ny evekanao na ny filohan'ny sampana misy anao. | Haingoy ny kahie iray mba hoentina any an-dakilasy. | **Toerana malalaka hanaovan-javatra** | Manorata teny fisaorana ho an'ny mpampianatra iray ao amin'ny Kilonga. |
| Vakio ireo fanontaniana mandritra ny dinidinika momba ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly. (Hitanao ao amin'ny pejy 37 ao amin'ny *Namana* nivoaka tamin'ny nôvambra 2022 izy ireo.) | Anontanio olona hoe manao ahoana ny ao amin'ny Zatovolahy na ny Zatovovavy. | Mangataha mpiray kilasy iray mba hiaraka aminao handeha ao amin'ny kilasinao vaovao. | Soraty ny zavatra andrandrainao ao amin'ny Zatovovavy na ny Zatovolahy. |
| Mifampiresaha amin'ny mpitarika iray ao amin'ny Zatovovavy na Zatovolahy. | Manorata zavatra anankitelo izay tianao hianarana ao amin'ny Zatovolahy na Zatovovavy. | Mamakia lahatsoratra ao amin'ny *Ho zatovo mahery!*. | Anontanio an'ireo mpitarika anao vaovao ny momba ireo fiaraha-mientana ataon'ny kilasy. Soraty ao amin'ny kalandirie ampiasainao izany! |

SARY NATAON'I COLLEEN MADDEN

## MIFINDRA AO AMIN'NY ZATOVOLAHY SY ZATOVOVAVY

Ho feno 12 taona ve ianao amin'ny herintaona? Ireto misy zavatra vitsivitsy mampientanentana!

### Gazetiboky vaovao

Ny gazetiboky *Ho zatovo mahery!* dia toy ny *Namana* saingy ho an'ny Zatovolahy sy Zatovovavy! Feno tantara momba ny zatovo manerana izao tontolo izao izany izay manaraka an'i Jesoa Kristy toa anao.

### Torolalana amin'ny fanaovana safidy

Ny *Ho zatovo mahery: Torolalana amin'ny fanaovana safidy* dia boky kely izay afaka manampy anao hisafidy ny tsara. Ahitana fanontaniana sy valiny mba hanampiana anao hanaraka an'i Jesoa Kristy sy hiomana handeha any amin'ny tempoly izany.



### Fiaraha-mientana hafa azo atao

Ao amin'ny Zatovovavy sy Zatovolahy ianao dia afaka manao fiaraha-mientana mahafinaritra miaraka amin'ireo zatovo hafa ao amin'ny paroasinao na ny sampana misy anao. Afaka manohy mametraka tanjona ho an'ilay fandarahan'asa Ankizy sy Zatovo koa ianao mba hianarana zavatra vaovao sy hampivoarana ny talentanao.